# « Marathon International de Tana »

# Mandroso ny fanomanana

Omaly antoandro no nanao valan - dresaka ho an' ny mpanao gazety tetsy amin' ny *« Hôtel Colbert »* Antaninarenina, ny filohan' ny federasion' ny atletisma, Andriamahazo Norolalao sy ny teknisiana miaraka aminy eo anivon' ny federasiona ary ny orinasa mpikarakara ny *« Marathon International de Tana »*, notronin' ireo mpanohana. Tamin' izany no nahafantarana fa mandroso ny fanomanana amin' izao folo andro mialoha izao. Vonona ihany koa ireo mpanohana amin' ny teny nomen' izy ireo avy momba ny fandraisany anjara ao anatin' izao andiany faha - 15 izao. Raha tsorina, tsy nisy ny nitsoaka an - daharana, fa ao avokoa ireo mpanohana, tsy miala vehana ihany koa ny mpikarakara, tahaka izany koa ny tanànan' Antananarivo izay mampiantrano ny fifaninanana miaraka amin' ny ministeran' ny Tontolo iainana. Andro natokana hanomezan - danja manokana ny tontolo iainana rahateo io 11 oktobra hanaovana ny hetsika manerana ny araben' Antananarivo io, ka na ilay halavirana lava indrindra 42 km 195 m na ilay zara fa misy 1 km 500 m, dia samy hahatsiarovana fa mila hajaina ny tontolo iainana. Homen - danja ihany koa anefa ny fizahantany ary izay no mahatonga ny *« Ortana »* ho isan' ny azo anatanterahana ny fisoratana anarana ihany koa.

**M. R.**